# IREO VORONDRANO EFA HO LANY TARANAKA ETO AMIN' NY ELADRANON'NY MARAMBITSY : ny plasy nahitana azy, antony mety mahavitsy azy ary fampitandremana mba tsy hahalany taranaka azy tanteraka

## Fampidirana

Ny Eladranon'ny Marambitsy dia nahitana vorondrano efa ho lany taranaka 4 karazana : ny Vagna be mainty, ny Voronosy (Vorombengy), ny Vorombato (drodro) ary ny Ankoay. Hita agny amin'ny ala honko (gôdra na ambony hazo), ranovory madio na misy ahitra na hazo madinika, fahaka, na magnembagny agnabo. Ny plasy ahitana azy ireo dia ao amin'ny ala honkon'ny Andrôgnomaty na Mavagna, Tsimahabelakana, ranovorin'ny Bekotrobaka sy ny hazo lava manodidina azy, akata eo amin'ny Fahakan'ny Barakoky (Mampapany, Ampahakabe, Anjofony).




**Sary nalaina avy tamin'ny BirdLife Madagascar sy Pact de Madagascar. Baie de Marambitsy no toerana iasana mikasika an'ity tetik'asan'ny vorombato efa ho lany taranaka ity.**
**Ny isa (4, 7, 8 sns...) ao anaty sary dia ireo toerana nozerena vorona teo aloha**

Tokony harovanareo mafy ireo toerana fanatodiazany ireo mba tsy hahalany taranaka azy sady misarika Mpizahatany betsaka izay mety hanasoa antsika. Harovana ny zanatsika sy ireo Mpitifitra vahiny avy lavitra tsy haharobaky an'ireo plasy ireo. Mila mivondrona anaty fikambanana isika hiaro ireo fa mahatsara ny tontolo ianantsika ireo no sady mampandroso ny fianantsika. Ary mamela mamy ho an'ny taranatsika isika raha manao izany fiarovana izany. Ny fahaka dia ahazoantsika sira sady tany ipetrahan'ny ombitska amin'ny alina. Ny ala honko sy ny godrany dia ahazoantsika hazo trano, drakaky. Ny ranovory sy ny renirano no ahazoantsika sy ny tanimbarintsika rano ary ahazoantsika mitsabo vary.

## Ny Vagna be joby
*Ardea humbloti*:

- Hita tsikiraikiraiky mihina na mitsanga egny amin'ny sisin'ny ranovory tsy dia lalina loatra, sisin'ny renirano, eny amin'ny gôdran'ny ala honko na ambony hazo. Indraindray dia miaraka amin'gny kôlônian'ny karazana vagna na vorondrano hafa. Efa hitanay teo amin'ny ranovorin'ny Bedoa (Barakoky), Anjofony, Matsaboribe, Bekotrobaka. Sarotra hita, magnembany malaky rehefa mahita olona.

Sary 1 : Vagna be mainty

*Ardea humbloti* (Photo ASITY)

- Mety magnatody mitoka agny abony hazo agnabobe, eo anilan'ny kôlônian'ny vorona mpanatody miaraka, tsy dia matetika miaraka loatra amin'ny vorona maro.
- Lany taranaka nohon'ny tifitra, fakana ny atodiny na zanany na tsy fahavagnona taranaky. Mbola ho fantarina ny antony tena mahavitsy azy.
- Efa vitsy, tsy azo tifirina, tsy azo vonoina na alaina ny zanany na atodiny.
- Mitady ny plasy fanatodizany izahay fa mbola tsy nahita loatra. Novambra ka hatramin'ny Avrily no mety hahitana ny atodiny. Tsy mbola hitanay koa ny zanany.

## Ny Voronosy (Vorombengy)
*Threskiornis bernieri*

- Hita 2 na telo na maromaro mihina na mitsanga egny amin'ny godran'ny fahaka na ny ala honko, kindraikindraiky eny amin'ny akata mando misimisy rano akaiky ny ranovory na ala honko, na eny ambony hazo. Efa hitanay teo amin'ny fahakan'ny Barakoky, Anjofony, Mampapany, ranovory Bekotrobaka, sisin-driaka Antsakoamanera, ala honko Antsohery sy Bemanary.

- Mety magnatody mitoka eny ambony hazo agnabobe miaraka amin'ny vorona maro mpanatody miaraka ambony hazo. Sarotra hita ny atodiny.

- Mety ho lany taranaka nohon'ny tifitra, fakana ny atodiny na zanany na tsy fahavagnona taranaky. Mbola ho fantarina ny antony mahavitsy azy.

- Efa vitsy, tsy azo tifirina, tsy azo vonoina na alaina ny zanany na atodiny.

- Mbola tsy hitanay koa ny toerana fanatodizany, Novambra ka hatramin'ny marsa ny fotoana tsara hitadiavana ny atodiny.

Sary 2 : Voronosy na Vorombengy

*Threskiornis bernieri* (Photo ASITY)

**IREO VORONDRANO EFA HO LANY TARANAKA ETO AMIN'NY ELADRANON'NY MARAMBITSY : ny plasy nahitana azy, antony mety mahavitsy azy ary fampitandremana mba tsy hahalany taranaka azy tanteraka**

## Ny Vorombato (drodro)
*Charadrius thoracicus*

- Hita 2 na maromaro miaraka eny amin'ny fahaka, godran'ny ala honko na akata amin'ny sisin'ny ranovory. Manambotra bibikely amin'ny akata na amin'ny sisin'ny rano miaraka amin'ireo mitovitovy karazana aminy. Misy 3 hafa miramira aminy nefa tsy lany taranaka ireo no sady misy koa any an-dafy. Izy telo hafa ireo dia samy manatody eto amintsika. Ny Fahakan'ny Barakoky, Mampapany, Ampahakabe no tena maro azy.
- Magnatody mitokatoka eny akaiky ny akatan'ny fahaka. Sarotra hita ny atodiny. Sarotra hita koa ny zanany izay miafina milafika amin'ny tany rehefa misy mpandalo. 2 matetika ny atodiny.

Sary 3 :
Vorombato na Drodro

Ny fanisana farany natao no nahafantarana fa efa tena vitsy ity vorona ity : 262 ka hatramin'ny 370 no isany eo anelanelan'ny Mahajanga sy Fort-Dauphin.

*Charadrius thoracicus* (Photo ASITY)

- Mety ho lany taranaka nohon'ny fakana ny atodiny na zanany na tsy fahavagnona taranaky na nohon'ny fifaninanany amin'ireo vorombato hafa 3 karazana izay mitovitovy aminy. Eo ampikarohana ny tena antony maha vitsy azy izahay amin'izao.
- Efa vitsy, ka tsy azo vonoina na alaina ny zanany na atodiny, mila fiarovana haingana io vorona io.

## Ny Ankoay
*Haliaeetus vociferoides*

- Hita tsikiraikiraiky magnembany na ambony ala honko na hazo amin'ny sisin'ny ranovory. Mihina filao. Efa hitanay tao Bekotrobaka, Tsimahabelaka.

- Magnatody mitoka eny abony hazo agnabobe, tsy miaraka amin'ny vorona hafa. Bevata ny tranony. Iray (1) matetika ny atodiny.

- Lany taranaka nohon'ny tifitra, fakana ny atodiny na zanany na tsy fahavagnona taranaky.

- Efa vitsy, tsy azo tifirina, tsy azo vonoina na alaina ny zanany na atodiny.

Sary 4 : Ankoay

*Haliaeetus vociferoides* (Photo ASITY)

## Famintinana

- Karazana vorona tokony harovana : Vagna be mainty, Voronosy, Vorombato, Ankoay
- Karazana plasy tsy azo robatina : ny toerana fanatodizan'ireo vorona efa ho lany taranaka ireo sy plasy hafa misy fanatodizam-borona maro toy ny ala honkon'ny Andrôgnomaty na Mavagna, Tsimahabelakana, sy ny akata eo amin'ny fahaka'ny Barakoky, Mampapany ary Ampahakabe.
- Fisaorana manokana no atolotra ho an'ireto manaraka ireto izay nanohana betsaka tamin'ny famoahana an'ity taratasy fampahafantarana ity :

* Ny **African Bird Club na ABC** izay mpnohana ara – bola.

* Ny fikambanana mpiaro ny vorona eto Madagasikara na **ASITY** izay nanampy betsaka tamin'ny fahazoana ny vola sy nonome fitaovana hanaovana ity taratatasy ity.

* Ny **BirdLife Interanational Madagascar Programme na BIMP** izay mpiara – miasa akaiky amin'ity tetik'asa ity.

* Ny **Conservation Interanational Madagascar** izay efa namatsy vola ny tetik'asanay teo aloha ka nahazoanay vokatra momba ny vorombato efa ho lany taranaka.

* Ny **Olom-boafidy manam-pahefana rehetra** izay nanampy sy nanamora ny fanatotosana ity tetik'asa ity.